# NY ATAO HOE FITIAVANA



Lesona 7 hatao ny 15 Aogositra, 2026

“Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo” (1 Korintiana 13:13)



Fantatra amin’ny hoe “tokon'ny fitiavana” ny 1 Korintiana 13. Tsy famaritana ny fitiavana eo amin’ny olombelona mpifankatia, fa fitiavana izay lalina kokoa: dia ny fitiavan’Andriamanitra.

Azavain'i Paoly amin’ny fomba tena kanto ny fomba hanehoantsika eo amin’ny fiainantsika ilay fitiavan’Andriamanitra izay narotsaka tao am-pontsika (Rom. 5:5).

Ny fitiavana no hery manosika amin'izay rehetra ataontsika, ary izany no antony anaovantsika zavatra mahasoa ireo olona mifanerasera amintsika.





## NY ATAO HOE FITIAVANA

- Ny fahambonian'ny fitiavana
  - Ny lalana tsara indrindra
- Ny toetry ny fitiavana
  - Ny ataon'ny fitiavana
  - Ny TSY ataon'ny fitiavana
  - Fanoritsoritana an'i Jesosy
- Ny faharetan'ny fitiavana
  - Ny toetra tsara indrindra

# NY FAHAMBONIA N'NY FITIAVANA

# NY LALANA TSARA INDRINDRA

"Nefa maniria fatratra ny fanomezam-pahasoavana lehibe indrindra; ary, indro, izay lalana tsara indrindra no atoroko anareo." (1 Korintiana 12:31)




Karazam-pitiavana toy ny ahoana no asehon'i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 13, ary nahoana no mihoatra noho ny fanomezam-pahasoavana rehetra izany? (1 Kor. 12:31-13:3)

Maro ny teny azo hamaritana ny fitiavana amin'ny teny Grika. *Agape* (tsy tia tena, tsy misy fepetra, ary fitiavana tsy mitady ny azy, fa mikatsaka izay mahasoa ny olo-tiany) no finidin'i Paoly, izay mitovy amin'ilay ampiasain'i Jaona rehefa niteny izy hoe: "Andriamanitra dia fitiavana" (1 Jaona 4:8).



Tsy misy fanomezam-pahasoavnaa mahasoa raha toa ka tsy fitiavana toy izany no manosika azy. Raha ny marina, ny ataontsika rehetra sy ny fisainantsika rehetra dia tokony ho safononiky ny *fitiavana agape*.



Mampitandrina antsika i Jesosy, fa noho ny faharatsiana, dia hihamangatsiaka io fitiavana io (Matio 24:12). Nefa tsy tokony havelantsika hitranga amintsika izany, ao an-tokantranontsika ao, na ao am-piangonantsika ao.

Ágape

# NY TOETRY NY FITIAVANA

# NY ATAON'NY FITIAVANA

"Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; […] fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra."


(1 Korintiana 13:4-7)

| | | |
|---|---|---|
| Mahari-po | *makrothymeō*: maneho faharetana, miharitra, maharitra | Maneho fandeferana amin'ny fahadisoan'ny hafa |
| Mora fanahy | *jrēsteuomai* : manao soa tsy misy tambiny | Mamindra-fo sy mangoraka |
| Mifaly amin'ny fahamarinana | *synjairō*: maneho fiaraha-miory, miaraka mifaly | Miara-mifaly amin'ireo izay mihazona ny fahamarinana |
| Mandefitra ny zavatra rehetra | *stegō*: mangina (maharitra am-pahanginana) | Manarona ny fahadisoan'ny hafa, tsy manambara izany am-pahibemaso |
| Mino ny zavatra rehetra | *pisteuō*: manana finoana, maneho fahatokiana | Tsy manameloka, fa manome tombony ny hafa manoloana ny fisalasalana |
| Manantena ny zavatra rehetra | *Elpizō:* miandry na matoky | Miandrandra zavatra tsara hitranga mandrakariva |
| Maharitra ny zavatra rehetra | *hypomenō*: mijoro, miaritra, manana herin-tsaina, maharitra | Maharitra toe-javatra sarotra, fitsapana sy fanenjehana |



# NY TSY ATAON'NY FITIAVANA

"[...] ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana[...]" (1 Korintiana 13:4-7)



| | | |
|---|---|---|
| Tsy mialona | *zeloō*: manana firehetam-po | Tsy mialona ny hafa izay manana fanomezam-pahasoavana hafa |
| Tsy mirehareha | *perpereuomai* : mihambo, miedinedina | Tsy mitady doka avy amin'ny hafa |
| Tsy mieboebo | *fysioō*: midera tena, mirehaka | Tsy manana fijery miedinedina momba ny tena |
| Tsy manao izay tsy mahamendrika | *asjēmoneō*: manana fitondran-tena tsy araka ny tokony ho izy | Tsy manohitra ny filamatry ny fiaraha-monina sy ny fitondran-tena |
| Tsy mitady ny azy | *zēteō*: mikatsaka | Mahafoy ny zony mba hahasoa ny hafa |
| Tsy mora sosotra | *paroxynō* : mandranitra fahatezerana, mamporisika na manao izay hahasosotra | Tsy mora tezitra na saro-po |
| Tsy manao otripo | *logizomai* : mitanisa | Mamela heloka ary tsy mihevitra intsony ny ratsy natao tamin'ny tena |
| Tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana | *jairō*: faly, sambatra, na mahatsiaro-tena ho tsara | Tsy mifaly amin'ny fahadisoana, fa mikatsaka ny hanitsiana izany |

# FANORITSORITANA AN'I JESOSY

"Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo." (Jaona 15:12)

**Niaritra kapoka, eso, sy fanarabiana (Mat. 27:27-31)**

**Mahari-po**



**Niahy izay rehetra nijaly**

**Mora fanahy**



**Nampianatra ny fahamarinana mazava tsara sy tamim-paharesen-dahatra**

**Miara-mifaly amin'ny fahamarinana**



**Tsy nitsara ilay vehivavy mpanota Izy fa nanolotra famelan-keloka kosa (Jaona 8:10-11)**

**Mandefitra ny zavatra rehetra**



**Nahatoky ny fahatsoran'i Zakaiosy (Lio. 19:8-9)**

**Mino ny zavatra rehetra**



**Nanomena 12 lahy ho amin'ny iraka "tena sarotra"**

**Manantena ny zavatra rehetra**



**Niaritra hanoanana, fandavana, fijaliana, ary fanenjehana**

**Maharitra ny zavatra rehetra**



# FANORITSORITANA AN'I JESOSY

"Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo." (Jaona 15:12)

**Tsy nikatsaka voninahitra Izy, fa niara-niosona tamin'ny manetry tena**

Tsy mialona



**Na dia Mpanjakan'izao rehetra ary izao aza Izy, dia tsy mba nirehareha ny amin'izany**

Tsy mirehareha



**Vonona mandrakariva hanao ny asa heverina ho ambany**

Tsy mieboebo



**Nanaja sy nahalala-fomba tamin'ny olona rehetra**

Tsy manao izay tsy mahamendrika



**Nanao ny sitrapon'ny Rainy mandrakariva (Jao. 6:38)**

Tsy nitady ny azy



**Na dia nasiana tahamaina aza Izy, dia namaly am-panajana hatrany (Jaona18:22-23)**

Tsy mora sosotra



**Nangataka famelan-keloka ho an'ireo nanombo Azy (Lio. 23:34)**

Tsy manao otripo



**Niteny mafy ny Fariseo tsy marina (Mat. 23:27-28)**

Tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana




# NY FAHARETAN'NY FITIAVANA



# NY TOETRA TSARA INDRINDRA

"Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo."
(1 Korintiana 13:13)

Naseho tamin'ny Korintiana tamin'ny fitondrantenan'izy ireo ny tsy ataon'ny fitiavana: mialona izy ireo; mirehareha; mieboebo; manao izay tsy mahamendrika; tia tena; mora sosotra; manao otripo; ary mandefitra fahotana.



Toa azy ireo, tsy maintsy miala amin'ireo fahadisoana ireo isika ary mampitombo ireo toetra tsaran'ny fitiavana, araka izay ampianarin'i Paoly antsika, mba hahatonga ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ho araka ny tokony ho izy. Manasa antsika koa izy mba hitoetra amin'ireto toetra tsara roa ireto: finoana sy fanantenana.





Rehefa miverina i Jesosy, dia tsy misy intsony ny ota, ary hisitraka fiainana mandrakizay miaraka Aminy isika. Amin'izay, ny faminaniana, ny fiteny sy ny fanomezam-pahasoavana hafa dia tsy ilaina intsony. Kanefa ny fitiavana dia haharitra mandrakizay (1 Korintiana 13:8).

“Andriamanitra dia fitiavana. Toetra mampiavaka ny mpino tsirairay ny fitiavana avy amin'Andriamanitra Ray sy ny Zanaka. Ny tenin'Andriamanitra no fantsona ikorianan'ny fitiavan'Andriamanitra ho amin'ny olona. Ny fahamarinan'Andriamanitra no fitaovana ahafahana manatratra ny fisainana. Omena ny olombelona manaiky hiara-miasa amin'Andriamanitra ny Fanahy Masina. Manova ny fisainana sy ny toetra izany, mahatonga ny olona hahay hiaritra, toy ny mahita Azy Izay tsy hita. Tsy tanteraka ny fitiavana raha tsy inoana ny fahamarinana, ary raisina ny Fanahy Masina.”

EGW (Ny fiahian'Ilay Raintsika, 9 Oktobra)